Mitohy ny fahafaham-barakan-dRajoelina **3**

**Mitombo avo 2 heny andro aman'alina ny fahatapahan-jiro**

TIM Boeny **3**

**Mitsinjo tany Mitsinjo ny hiatrehana ny fifidianana ho avy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 25 jolay 2023 Laharana 1456 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Fanadinam-panjakana** **6**

**Nisy fifamadihana ny laza adina tamin'ny bacc teknika**

**Filoha Ravalomanana tany Frantsa** **2**

# Mandray ny tsikera ary manitsy ny tsy mety



**Miala Rajoelina** **2**

# Mpitondra tsy manaiky ho diso sy tsy mahatsapa tena

# J - 46

**Morondava** **2**

# Tsy afaka manao hetsika ireo fikambanana tsy « orange »



**Akany Avoko Ambohidratrimo** **6**

# Nahazo fanampiana avy amina Malagasy monina any ivelany



**Hira Lalaon'ny Nosy 2023** **6**

**Nasiana fanovana noho ny tsikera**

**Tranombarotra Baolai** **6**

**Manana vahaolana amin'ny delestazy**

**Daka kely**



**Olana tamin'ny bacc : voaporofo fa boaikely frantsay ialahy ry Boaikely a !**

FILOHA RAVALOMANANA TANY FRANTSA

# Mandray ny tsikera ary manitsy ny tsy mety

Namelabelatra ny fandaharam-potoanany ho an'ny fifidianana filohampirenena ho avy amin'ny 09 novambra ho avy izao, sy mahakasika ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny, ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady rodoben'ny mpanohitra RMDM tany Frantsa ny sabotsy teo, raha nihaona tamin'ireo diaspora Malagasy monina any Frantsa ny tenany. Nisongadina tamin'izany fa : « Ravalomanana 2002 ity fa tsy ilay nandefitra tamin'ny 2018 intsony », hoy izy. Izany hoe : tsy handefitra amin'ny mety ho hosoka sy halabato intsony izy amin'io fifidianana ho avy io. Nasongadiny koa fa : « mila miasa miaraka tsy midongidongy, mila vonona mandrakariva, mila sahy, mila mitaky ny marina sy ny rariny. Rehefa mijoro ho fitaratra ny eny ambony, dia manaraka ho azy ny eny ambany. Tsy hananana havana ny fitantanana ny Firenena, izay soa sy tombontsoan'i Madagasikara no ilofosana. Efa manana ny ampy aho ary mahay mionona amin'izay ananako. Tsapako fa nisy ny tsy nety ary noraisiko ny tsikera, ka hahitsiko ireny. Mila mahay mandray tsikera ny mpitondra ary mahay sy manaiky hiara -hiasa amin'izay vonona hampandroso firenena. Asa maika 100 andro : sakafo - asa angôvo sy rano – filaminana ».



*Ny filoha Marc Ravalomanana tany Frantsa.*

Ny tohiny dia nambarany fa hovelabelariny amin'ny fotoana mahamety azy ao anatin'ny programa MAP +. Hisy site internet izay hisokatra hahafahana manaraka ny momba ny kandida, sy hanarahana manontolo ny fandaminana rehetra momba ny fampielezan-kevitra, rehefa hanomboka izany.

***Isambilo***

TIM Alasora

# Nanentana ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana

Nanentana ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana ny antoko TIM ao amin'ny kaominina Alasora distrikan'Antananarivo Avaradrano, notarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa ny faran'ny herinandro lasa teo, natao tao amin'ny Espace Planet M. Izany fivoriana izany dia nanentanana ireo mpikambana hilatsaka an-tsitrapo hanaramaso ny fifidianana, nisy ny fanofanana nomena an'izy ireo nandritra izany. Nambaran'ny ben' ny tanàna TIM, Jimmy Randriantsoa fa : « mila olona vonona sy vanona isika hampandresy ny kandida antsika. Misy ny fampiofanana ireo olona ireo alohan'ny fifidianana. Tonga miaraka no fanombohana, miasa miaraka no fahombiazana ».

***Isambilo***



*Ny fanentanana momba ny fifidianana tao Alasora.*

Morondava

# Tsy afaka manao hetsika ireo fikambanana tsy « orange »

Mitaraina ireo fikambanana maro ao Morondava faritra Menabe, satria tsy afaka manao hetsika na fitadiavam-bola na kolontsaina rehefa tsy «orange» na koa manohana ny fitondrana. Maro ireo izay efa voasakana, tsy ny fikambanana eto an-toerana ihany, fa misy koa ireo fikambanana miankina amin'ny any ivelany : toy ny WWF, izay saika hanao carnaval ho fankalazana andro maneran-tany dia tsy nahazo alalana. Izao indray dia mitaraina ny filohan'ny fikambanana Tialongo ; izay fikambanana tsy manao politika, fa miantsehatra eo amin'ny lafiny sosialy, saika nikarakara hetsika kerimesy izay efa fataon'ny fikambanana isantaona mba hoentina hitadiavam-bola hanampiana ireo mpikambana sy hanaovana asa soa. Tamin'ity taona ity dia ny vita Bacc no daty efa tapaka tamin'ny volana janoary : ny daty ny 21 ka hatramin'ny 23 jolay teo no kinasa hanaovana izany kermesy izany, saingy gaga ny rehetra fa nahazo antso ny tompon'an-



*Mamy Clavier, Président ny association Tialongo.*

draikitra fa tsy azo atao koa ny kermesy nohon'ny antony tsy fantatra. Ahiahian'ny maro fa noho ny antony politika, satria ny filohan'ny fikambanana dia mpitarika ny Pro-Siteny ; nefa dia mazava ny valin-tenin'Andriamatoa Mamy Clavier, fa tsy manao politika ny fikambanana, saingy malalaka kosa ny rehetra amin'ny firehana politika tiany misy : TIM ; TGV; MAPAR; Pro-Siteny, sns… ny mpikambana hoy izy ary manaja tsara ny fahasamiafana fa ny tanjona dia ny fiarahana miantsehatra eo amin'ny lafiny sosialy sy ny fanampiana ny mpiara-belona. Mitaraina sy maneho ny alahelony amin'izao tsy fanomezana alalana azy ireo hitady vola izao ny association Tialongo ary mangataka fanazavana, satria dia efa vonona ny rehetra : ireo mpikambana sy ireo mpanohana ary ireo fitaovana ho hampiasaina rehetra hatramin'ny zava-pisotro, ireo ho sarihana amin'ny tombola toy ny omby ; ka mitaraiana ireo mpikambana ny hoe : fa maninona no misy mahazo manao hetsika dia misy tsy mahazo. Tsy fombako hoy Andriamatoa Mamy Clavier no mampifangaro ny andraikitro, fa samy manana ny azy ny amin' ny fikambanana sy politika. Efa manana andraikitra aho any ampiangonana ; manana andraikitra koa eo amin'ny fikambanana hoy izy, fa tsy mifangaro io ka mampalahelo hoy hatrany izy ny hoe ny vahoaka efa sahirana ka misy ny mba manao izay mahavita tokony ho ampian'ny fanjakana dia izao raràna izao indray, nefa vao tsy ela akory izay ny TGV nanao hetsika nahazo alalana. Koa miangavy ny Tialongo ny mba hanaovana miralenta eo amin'ny fanomezana alalana amin' ny fanaovana hetsika eto Morondava, ny andro moa fialantsasatra raha teo mila mihetsika sy milavoly ny rehetra na ny fikambanana na ny vahoaka. Maro ny hetsika izay efa nofoanana nefa maro koa ny hetsika izay ho hita ato Morondava, ka ho hita eo hoe hahazo alalana ve sa tsia fa hatreto aloha dia hita fa tsy eken'ny fanjakana ato an-toerana ny hetsika rehetra raha tsy ireo mpanohana ny fitondrana no mikarakara azy, eny fa na dia ny eo amin'ny lafiny finoana aza dia hita izany fitanilana izany eo amin'ny tompon'andraikitra, satria ny FJKM teo tsy nahazo alalana raha nikasa hanao diabe tamin'ny jobilin'ny mpitandrina ; nefa ny katolika dia nahazo nanao diabe tamin'ny fitsenana ireo Eveka nandritra ny fanamasinana ny Eveka mpanampy teo . Koa manao antso avo amin'ny mpitondra eto Morondava ny filohan'ny association Tialongo ny hanomezana azy daty, mba hahafahan'ny fikambanany manao hetsika fitadiavam-bola satria efa maro ireo fandaniana efa natao, ny mpikambana rehetra koa efa vonona ary takiany ny tsy hisian'ny fanavakavahana eo amin'izay fanaovana hetsika izay. Raha nanontaniana ny Prefet dia nilaza fa tsy hoe tsy nanome alalana hoy izy fa mbola tsy namaly.

***Rajepa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Miala Rajoelina. J- 46

# Mpitondra tsy manaiky ho diso sy tsy mahatsapa tena

Nazava ny tenin'ny mpampianatra, ny amin'ny lesoka lehibe nitranga tamin'ny fanadinana bakalorea tamin'ny fampianarana ankapobeny teo, izay nifarana tamin'ny zoma. Teo amin'ny taranja tantarajeografia no tena niseho ny lesoka izay nisian'ny fisavoritahana tanteraka. Fahasahiranana sy fijaliana hoan'ireo mpiadina niatrika izany sy ny ray aman-drenin'izy ireo ihany koa ny zava-nitranga. Efa hita izao, raha tena mandinika lalina, fa tsy mety ny fepetra noraisin'ny fanjakana tompon'andraikitra, dia mbola natao ihany. Tsy fahalalana ilay taranja sy ny lanjany no nahatonga ireny fanapahan-kevitra sy fepetra noraisina ireny, na ny fampiandrasana ny mpiadina sy ny fanomezana ny lazaadina fiandry na ny famerenana indray azy ireo hanao izany ny zoma maraina. Tsy mety velively izany amin'ny 4 ora hariva izany vao nanome ny lazaadina fiandry kanefa io indray mbola anaovana safidy hoan'izay te hamerina ny azy ka isafidianana izay naoty tsara. Fepetra tena tsy mahomby fa hiteraka olana io. Tsy mahatakatra izany anefa ireo nivory tao amin'ny filankevitry ny ministra tao ary mbola nanamafy ny fepetra noraisin'izy ireo ihany koa i Andry Rajoelina ny alakamisy 20 Jolay teo. Tao anaty « tafatafa » fohy nataony izay ihany koa no mody nihatsaraivelatsihy, amin'ny resaka mampandry adrisa indray, amin'ny tokony hitsinjovana ny zaza malagasy, fa tsy somparana. Nazava ny heviny, tsy ny ministra na ny fitondrana no tomponandraikitra amin'ny fivoahan'ny lazaadina, fa sompatra tsotra izao. Anisan'izany, raha nosoritany ny ao amin'ny ofisin'ny bakalorea. Iza anefa no mampiasa an'ireo ? Moa ve tsy ny tomponandraiki-panjakana miainga any amin'ny ministra, eo ihany koa ny mpitandro filaminana manara-maso ny fitaterana sy ny famoahana ny lazadina ambara-pahatonga any amin'ny foibem-panadinana ? Miharihary fa ny fanjakana no tomponan' andraikitra. Maneho indray ny tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina ireny tranga ireny, soa ihany fa efa 46 andro  (J- 46) sisa ipetrahany eoi amin'ny fitondrana dia hametra-pialana izy, fa raha tsy izany, hitohy ho potika hatrany ny fampianarana eto amintsika. Ary raha tena mahatsiaro ho tomponandraikitra ireo, indrindra ny ministra koa, dia mametra-pialàna avy hatrany, fa tsy miezaka mitady izay fototr'izao lesoka izao. Tsy fahafehezana ny andraikitra no anton'izao fikorontanana teo amin'ny taranja tantara jeografia izao. Eo ihany koa ny tsy fandraisana lesona satria efa nitranga ny olana tamin'ny lazaadina ny taona 2019. Tsy fahaizan-draharaha izany. Ny fandraisana fepetra ihany koa dia tena « tsy mamely » araka ny fomba fiteny. Dia ahoana izao ny momba ireo mpianatra voaendaka, izay tsy tao an-tsain'ireo tomponandraikitra miaraka amin'i Andry Rajoelina, ny fitsinjovana sy ny vahaolana ho azy ireo ? Avela fotsiny amin'izao ve ? Ary mihatsaravelatsihy izy sy ireo minsitra tomponandraikitra raha hoe mitsinjo ny mpianatra izany, fa diniho, tsy nasiany resaka na kely akory aza ireo mpianatra teny amin'ny Oniversite mandray vatsim-pianarana izay very vola teny amin'ny paositra. Tsy nisy nihaino ny fitarainan'izy ireo akory ireto olona miseho mpandray fepetra ireto. Aoka hiaiky rehefa tsy mahay sy tsy mahafehy ny andraikitra.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Mitohy ny fahafaham-barakan-dRajoelina

# Mitombo avo 2 heny andro aman'alina ny fahatapahan-jiro

Raha ny fihetsika sy ny fitsabahana ary ny fanambarana ataon'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina amin'izao fotoana izao dia toa mampiseho, fa manam-pahaizana sy mahafehy ny sehatra rehetra izy. Rehefa tena mandinika sy mandalina anefa dia mifanohitra amin'izany ny tena zavamisy, tsy mahafehy ny fitantanam-panjakana ny filoha ankehitriny.

Nahatonga resabe sy fanamarihana nataon'ny olompirenena, ny momba ny fandaharana manokana nolazaina, fa fitafàn-dRajoelina Andry Nirina tamin'ny vahoaka Malagasy ny alahady lasa teo. Rehefa halalina ny valim-panontaniana rehetra napetraky ny mpanao gazety taminy dia na fialana ilany na fanilihana andraikitra na fanasongadinan-tena no nataony. Anisan'ny velirano nataony ny hanafoanana ny delestazy amin'ny alàlan'ny fampiakarana ny famokarana herinaratra ho avo 2 heny amin'izay vitan'ny mpitondra rehetra nifandimby teo alohany. Ny iainan'ny vahoaka manerana ny Nosy anefa dia mitombo avo 2 heny andro aman'alina ny fahatapahan-jiro. Ny alahady teo anefa dia nanome 3 herinandro ny minisitry ny angôvo indray Rajoelina Andry Nirina hanafoanana ny delestazy. Raha izany dia eo am-pelatanany avokoa ny antony ara-teknika sy ara-pitantanana tsy mahafoana ny delestazy matoa sahy nanome baiko hentitra toy izany izy. Namaly anefa ny minisitra fa tsy ho foana tanteraka ao anatin'ny telo herinandro ity tranga ity fa fampihenana izany tsikelikely no azo hatao. Midika izany fa manalabaraka tena Rajoelina Andry Nirina satria miteninteny foana ary tsapa avy amin'ny valinteniny, fa tsy hainy ary sehatra tsy voafehiny nandritra ny taona niainany ity sehatra ity. Mbola nitombo ny fahafahambarakany raha niteniteny foana izy, fa efa manomboka ny asa any Ivolobe sy Sahofika ary ny fametrahana ireo takelaka famokarana angôvo azo avy amin'ny masoandro any amin'ny distrika telopolo mahery satria mbola afaka dimy taona vao tena ho voavaha ny olan'ny fahatapahan-jiro raha tokony ho foana tato anatin'ny dimy taona nitondrany araka ny velirano nataony. Ho fitsinjovana ny zanany mianatra any an-dafy, hono, no antony nangatahany ny zompirenena frantsay satria voatery mangataka "visa" isaky ny enim-bolana izy ireo. Midika indray izany fa na tsy fahaizana na inona na inona (ignorance totale) na fanambaniana ny Malagasy ka azo rebirebena sy azo lementsaina ary azo lalaovina ny fihetsehampony amin'ny filazana ny fitiavan-janaka. Tsy mahafehy ny sehatry ny fampianarana Rajoelina Andry Nirina matoa nisy indray ny "fuite de sujet" tamin'ny fanadinana bakaloreà sy ny fiatrehana indray ny taranja nitragan'izany (repêchage) ny zoma teo, toy izay nitranga tamin'ny bakaloreà ny taona 2019. Tsy ekeny, hono, raha atao takalon'aina ny ankizy Malagasy, ka tsy maintsy handraisana fepetra hentitra ireo izay niketrika ny famoahana ny lazaadina mialohan'ny fotoana. Ahiana ho toy ny tamin'ny 2019 indray ny tohin'ity trangan-javatra manapotika ny Firenena ity. Toa niseho ho olona manam-pahaizana manokana momba ny toekarena ihany koa Rajoelina Andry Nirina raha nanome tarehimarika momba ny tombony hiditra amin'ny mpitatitra rehefa vita ny làlambe migodana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina. Raha tsara, hono, ny Làlampirenena faha-2 dia ora enina na fito no hanaovana ny 360 kilometatra, kanefa rehefa vita ny làlambe migodana dia ho ora roa sy sasany no hanaovana izany ary malalaka tsara ny dia mandroso sy miverina ao anatin'ny indray andro ho an'ny mpitatitra. Ny valopolo kilometatra ihany no ho vitaina hatramin'ny faran'ny taona ity lalambe migodana ity, toa tsy ho vita anefa izany. Tsy azon-dRajoelina Andry Nirina natao koa ve ny namoaka tarehimarika momba ny fatiantoky ny mpitatitra hatramin'izay fotoana izay raha iraikambinifolo na roambinifolo ora no nampitohizana an'Antananarivo sy ny Renivohitry ny Toekarena (Toamasina)? Tsy mahay manetry tena mihitsy Rajoelina Andry Nirina, ka mirehareha sy matikambo raha nilaza fa hihoatra lavitra noho izay Lalaon'ny Nosy farany natao tany Maorisy na ny fikarakarana na ny fotodrafitrasa izay hatao eto Madagasikara. Fatiantoka ho azy tokoa raha tsy natory andro aman'alina izy niketrika ny "Hira Faneva" sy ny "Sary Famantarana" (Logo) raha toa ka ho latsa-danja izay hatao eto Madagasikara. Toa hitsefotra anefa ity Lalaon'ny Nosy ity, satria nandrahona ny Komity Olympika mikarakara izany, fa tsy "manarapenitra" ny fanomanana ny lalao eo amin'ny lafiny rehetra. Mampiseho ny maha izy ny tena sy ny tsy fianteherana amin'ny hafa ny "fanana hambo", fa ratsy sy mamotika ny fiainan'ny tena ny "matikambo".

***Andry Tsiavalona***

Fitondrana Rajoelina

# Fitondran'ny mpanao tandrevaka

Gaga sy talanjona ihany ny rehetra nahita sy nandre fa nisy nilaza fa hoe: olon'ny mpanohitra hono no fototr'ireny laza adina very sy ny fiparitahany mialohan'ny fotoana ireny (fuite de sujet ), tamin'ny fanadinana Bacc teo iny. Taranja tantara sy jeografia no tena nalaza sy naverina mihitsy aza moa, nefa marobe ihany ireo nilaza fa na ireo laza adina taranja hafa aza dia efa nisy fuite ihany koa, izay ny tompon'andraiki-panjakana hatrany no efa voasoketa fa tsy izay mpanohitra ara-politika na tsy mitovy loko ohatra, no lazaina fa tompon'antoka araka ny nambaran'ny senatera mpanohana an-dRajoelina tato ho ato izay.

Tsy misy tokony hidiran'ny mpanohitra mihitsy raha ny laza adina toy ireny no jerena, satria mba mety mananjanaka koa izy ireo manala fanadinana, ka mba samy tompon'antoka amin'izany satria fanadinana no natao fa tsy fifidianana. Ny teto andrenivohitra , no anisan'ny nanakoako sy natsahatra maika fa nisy io laza adina nivoaka tsy ara-drariny io, nefa dia tany Morondava sahady no efa nahitana sy nisamborana olona vitsivitsy izay nambara fa atidoha nikotroka izany, ka tsy tokony hanaovana dikan-teny malalaka fa mpanohitra. Tsorina fa ny minisitera' ny fampianarana ambony no tompon'antoka voalohany amin'izany, ry zareo no mahalala sy mahafantatra ny fanomanana ny fanadinana 40 andro sy 40 alina mialoha, ary miandraikitra ny amin'ny fanibohana ireny laza adina ireny, tokony hiomana amin'izay tranga mety hiseho, hiantoka labozia raha ilaina fa tsy ny mpiadina indray, na ireo ray aman-dreny manaraka azy ireny no asaina mikaroka rehefa misy ny tsy ampoizina. Ry zareo rahateo moa no misahana izay mpiambina mpanaramaso ny mpanala fanadinana, ka hita fa nanao tandrevaka tokoa ora farany, ka niantso ireo tao amin'ny ENS.

Ny mpampianatra mpikaroka sy ireo tompon'andraikitra eny amin'ny Anjerimanontolo aza moa izay mahatratra 70% eo ho eo, dia efa hoe vacataire, ary efa mahita sy mahafantatra zavatra misimisy, ka dia miaka-peo, raha vao tratry ny olana tambin-karama sy anjara sisa tavela mbola tsy voaray am-bolana maro. Soritina fa ny filoha Rajoelina, izay tsy manan-janaka mandalim-pahaizana eto fa naka Zo hafa mihitsy, dia nahavita niantso maika ny tokony hamerenana io taranja tafavoaka mialoha io, afaka mamerina tsy an-katerena, ka izay naoty tsara no raisina, nefa dia mahamenatra tokoa eran-tany raha ny fampianarana sy ny fanadinana no atao toy izany. Tsy raharahian'ny fahaizana na tsy fahaizan'ny zaza Malagasy vokatr'izany, fa ny azy ny ankizy efa tsara homana any Frantsa any.

Fanatsarana tena avokoa izany hoy ireo izay mba nanontaniana, mody natao mba hamikirana ilay seza tsy foy ary efa nomanina nefa mba anjaran'ny minisitra mpiahy avokoa ny miandraikitra izany, na farafahatarsiny dia ny Praiminisitra. Izy rahateo aza moa tamin'ny valandresaka nataony farany ireny, dia midera tena fa hoe nahavita sekoly mamara-penitra maro, ahitana efitra fianarana 9400 any ho any, nefa na dabilio aza tsy hita, jiro tsy misy, mpampianatra tsizarizary, fitaovampampianarana marefo, sns… trano zara fa vita, mitriatra, tsy ara-dalàna amin'ny ankapobeny. Fehiny : raha ny vahoaka no vokisana lainga lava; tsara raha mametra-pialana dieny mialoha i Andry Rajoelina.

***Beharo***

TIM Boeny

# Mitsinjo tany Mitsinjo ny hiatrehana ny fifidianana ho avy

Nidina ifotony tany amin'ny distrikan'i Mitsinjo faritra Boeny, ireo mpitarika ny antoko TIM Boeny ny faran'ny herinandro teo, notarihan'Andriamatoa isany Ravokatra sy Achim Kely. Nambaran'ireo mpitarika nandritra izany, fa mitsinjo tany Mitsinjo izy ireo, ny fiatrehana ny fifidianana ho avy hatao eto amintsika amin'ity taona ity, indrindra ny fifidianana filohampirenena, izay efa nanambaran'ny filoha Marc Ravalomanana ny fahavononany hirotsaka amin'izany fifidianana izany, araka ny tapaka nandritra ny kongresy nasionalin'ny antoko teny Tanbjombato ny 1 jolay lasa teo.

Tonga nihaino ireo vahoaka teny ifotony koa ireo mpitarika ny TIM Mahajanga ireo, filamatr'izy ireo ny hoe : "tonga miaraka ho fanombohana, miasa miaraka ho fandrosoana".



*Ireo mpitarika ny antoko TIM Boeny tany Mitsinjo.*

***Stefa***

## TONONKALO

### Ny mba nandrasanay vahoaka

Ny fiekena sy fitsorana , izay no tena mba nandrasana,
Kanjo hoerahoera hatrany no mba ventin'ny kabariny.
Fitondrana efa madiva ny hivarina any am-pasana,
Nefa mbola lany andro manatsara indray ny sariny !

Tsy nitsiry tao an-tsainy izany hoe hanao fifonana,
(Na dia hody rariny aza irony heloka ibabohana !)
Toa vao mainka mbola ataony izay hisian'ny fifandonana.
(Ny bebasy angamba ny azy no azony antoka hanohana !)

Ankoatr'izany dia nampiany laingabe marivo tototra,
Ary nisy nifanohitra ireo zavatra nambarany.
Maro anefa no efa leo ka tena hita ho tsy rototra
F'efa miandry , tena miandry izay ho kiririoka farany !

Raha fehezina dia tsotra : tsy hainy ny manetry tena,
Fa ny hany mba kapoakany dia ny mieboebo hatrany,
Ka ny teninay dia 'zao ry ilay nivadi-panekena :
Ianao tsy gasy fa vazaha ka 'ndeha misinda lavitra any !

***IRINA HO TAFITA (22-07-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

JP, Helisoa

Ny fihaonan'ireo Diaspora Malagasy monina any Frantsa tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana, ny sabotsy teo, tao amin'ny Le Voilier 91 Essonne.










Ny fanentanana momba ny hanaraha-maso ny fifidianana, nataon'ny TIM Alasora, tao amin'ny Espace Planet M.









## NY TENY FIAINANA




*"Fa isika izay amin'izao lay izao dia misento noho ny mahavesatra antsika, satria tsy tiantsika ny hendahana, fa ny mba hotafiana koa, mba hatelin'ny fiainana ny mety maty."*
***II Korintiana 5:4***

BASKET FIBA 3X3, 2023

# Tafita hiatrika ny "Shanghai Masters" Antananarivo

Norombahan'ny ekipa Beijing (CHN) ny fifaninanana basikety 3x3 «Wuxi Challenger », notontosaina tany Chine tamin'ny sabotsy 22 sy alahady 23 jolay 2023 teo, rehefa nandavo an'i Partizan (SRB) tamin'isa 19 – 15 teo amin'ny lalao famaranana. Samy tafita hiatrika ny fifaninanana " FIBA 3x3 World Tour 2023 » ho tontosaina amin'ny 9-10 desambra 2023 avokoa ireo roa ireo miaraka amin'ny ekipa Antananarivo sy ekipa Vienne, izay nitana ny laharana faha-3 sy faha-4 tamin'ity fifaninanana ity. Marihana fa teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana no lavon'ny ekipa Beijing tamin'ny 18-12 ny ekipa Malagasy. Tsiahivina fa mbola hiatrika ny fifaninanana « Fiba 3x3 Challenger » andiany faha-2 ho tontosaina any Taipei indray ry Elly sy ny namany amin'ny faha-28 sy faha-29 oktobra 2023 ho avy izao. I Elly izay nikoizan'ny rehetra tokoa tamin'ity fifaninanana tany Chine ity. Filaharana faran'ireo ekipa nandray anjara tamin'ny « Fiba 3x3 Wuxo Challenger » : 1.Beijing CHN, 2.Partizan SRB, 3.Vienna AUT, 4.Antananarivo MAD, 5.Raudondvaris Hoptrans LTU, 6.Wuxi CHN, 7.Warsaw Lotto POL, 8.Utrecht NED, 9.Wuhan CHN, 10.Kuala Lumpur MAS, 11.Sansar MMC Energy MGL, 12.Manila Chooks PHI, 13.Qianqiao CHN, 14.Kai Tak HKG.

***Rainilita***



*Elly tany Chine.*

Basket Championnat National U14 Filles

# Ny ekipan'ny Lucadro Analamanga no tompondaka

Voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara 2023 amin'ny taranja basikety sokajy U 14 zazavavy, ny ekipan'ny Lucadro Analamanga, rehefa nandavo ny ekipan'ny Sac Analamanga tamin'ny isa 34 noho 24 tamin'ny lalao famaranana notontosaina tetsy amin'ny kianjan'i Mahamasina tamin'ny alahady 23 jolay 2023 teo. Lasany araka izany ny lelavola mitentina 1.100.000 Ar natolotra ny mpandresy tamin'ity fifaninanana ity raha 900.000 Ar kosa no natolotra ny tompondaka lefitra. Nisy ireo ankizy nanolotra fanomezana (vola) manokana mpilalao roa avy ao amin'ny Lucadro sy ny ekipan'ny Lucadro iray manontolo mihitsy taorianan'ny lalao famaranana. Notolorana amboara manokana ihany koa ireo mpilalao 5 mendrika indrindra tamin'ny fifaninanana : Hantanirina Keilha Archa N°05 Lucadro, Randriamasimanana Hasina N°4 Dunamis, Tolomanana Prisca N°15 Gotham, Rabeniamina Tiffany N°2 ASSM, Rakotoson Nicole N°11 Academics. Filaharan'ireo ekipa vehivavy tamin'ny ankapobeny : - 4éme place: FBC Analamanga, 3éme place : Dunamis Analamanga, Vice Championne : Academics Analamanga, Championne: Lucadro Analamanga. Tsy tontosa kosa fa voatery hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny famaranana sokajy zazalahy tamin'ity fifaninanana ity noho ny disadisa niseho lany teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana.

***Rainilita***



*Ny ekipan'ny Lucadro zazavavy tompondaka U14, 2023.*

Tantaram-panatanjahantena

# Tsiahin'ny JIOI




*Lalaon'ny Nosy.*

Tamin'ny taona 1974 no nitsiry tao amin'ny « Comité Régional Olympique et Sportif » (CROS) ao La Réunion, ny finiavana hampivondrona ireo nosy eo anivon'ny Ranomasimbe Indiana, amin'ny alalan'ny fanatanjahantena. Nampitondraina ny anarana hoe : « Jeux de l'Océan Indien » izy tamin'izany ary lany teo anivon'ny «Comité international Olympique » ny taona 1976. Tamin'ny taona 1979 kosa vao tanteraka tao amin'ny Nosy La Réunion ny andiany voalohany ary niova ho lasa ilay « Jeux Îles de l'Océan Indien », izay fantantsika ankehitriny ny anarany. Ireo toerana efa nandraisana sy mbola handraisana azy : - 1979 : La Réunion - 1985 : Maurice - 1990 : Madagascar - 1993 : Seychelles - 1998 : La Réunion - 2003 : Maurice - 2007 : Madagascar - 2011 : Seychelles - 2015 : La Réunion - 2019 : Maurice - 2023 : Madagascar.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Totonken'omby sy korzety indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ritra, na hatao ketsaketsa, na hatao rony izany, arak'izay hitiavana azy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoralin'ny appendicite

Fanafody natoralin'ny appendicite indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Tsy voatery ho didiana foana ny olona misy appendicite fa mety afaka na ravana amin'ny alalan'ny fanafody natoraly ireo vatokely mahatonga izany.
FAMANTARANA NY APPENDICITE
-Marary lava ny vatana rehetra sady mafana.
-Lasa tsy mazoto homana lava.
-Lasa tsy mahalevon-kanina rahateo ny vavony.
-Marary sady lasa mavesatra lava ny hilam-pe havanana.




ZAVATRA ILAINA
Papay masaka tsara.
Tantely tsy mitapoka.
FOMBA FIKARAKARANA AZY:
Alaina ny papay masaka tsara dia voasana ary esorina avokoa ireo voany. Rehefa vita izay dia tetehina madinika atao anaty lovia bole ary afangaro tantely 1 litatra. Ka avela hifangaro tsara izay vao azo ampiasaina.
FOMBA FAMPIASANA AZY:
Hohanina in-3 sotro fihinana isaky ny maraina aorinan'ny sakafo.
FAHARETANY NY TRAITEMENT:
Mandritra ny 1 volana.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Mahatsara distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Mahatsara distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahamliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Mahatsara Est ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Ahitana fokontany 4 izy dia Anatsara ; Antsampanana ; Mahavory ; Menatsara. Any atsimon'i Brickaville no misy azy. Lalovan'ny reniranon'i Lakora ny tanàna, izay mivarina any amin'ny reniranon'i Rianila. Mandalo any koa ny lalampirenena faha-2 (RN2). Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga. Ny voankazo isan-karazany : letchi, manga, akondro, corossol, letchi-tsinoa, longoza…



FIARAHAMONINA – ANDRAIKITRA

# Mitaky fanovàna lasijika ny seha-pampianarana



*Tsy tokony hiverina intsony ny fanadinana anaty hazavana mitsilopy toy izao.*

Nisamboaravoara indray koa ny fiainam-piarahamonina vokatry ny zava-nitranga teo anivon'ny fanadinana bakalorea tamin'ny herinandro lasa teo. Nikorontana ny fanadinana, nikorontana ny sain'ny mpiadina, sahiran-tsaina ny ray aman-dreny manan-janaka nanàla fanadinana, ary toy izany koa ireo tomponandraikitra. Ny an'ity farany dia efa raharaha tadiavina ny azy noho ny an-tandrevaka nataony ihany.

Iaraha-manaiky, fa ny sehatry ny fampianarana eto Madagasikara mihitsy no misy olana. Efa nisy hatramin'izay io, fa tsy mitsaha-mitombo. Mamaha ny etsy ny fitondrana dia mipoitra ny eroa, dia toy izay hatrany, tsy afak'olana mandrakariva. Saiky ny ambaratonga rehetra dia ahitana izay olana izay avokoa, na ny ambaratonga ambany misy ny garabola hatrany amin'ny lisea, na ny eny amin'ny Anjerimanontolo na Oniversite. Iaraha-mahalala sy mahita ny zava-misy indrindra eny amin'ny ambaratonga ambony.

Hoan'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), dia mila fanovàna ny rafi-pampianarana, ary zava-dehibe ny fihaonana sy ny fifampidinihan'ireo mpisehatra fototra: mpianatra, mpampianatra ary ray aman-dreny. Raha mbola hiankin-doha sy haka tahaka amin'ny any ivelany ny rafi-pampianarana sy ny seha-panabeazana dia volan-kankafotra hatrany no hitranga eto. Mitaky fanovàna lasijika ( na lasintsaina) tanteraka ny lalana hahafahana tonga amin'ny fampianarana mifanaraka amin'izao vanim-potoana izao sy ny zava-misy iainan'ny firenena. Ezaka lehibe sy asa ifotoran'ny AFK io fanovàna lasijika eo amin' ny seha-panabeazana io amin'izao fotoana izao, ary tokony ho adihevitra lehibe eto amin'ny firenena izany. Miandry ny olom-pirenena, ny mpisehatra rehetra isan-tsokajiny tafiditra ao anatin'ny seha-pampianarana ity Vovonana ity amin'izao fotoana izao hiara-hientana aminy amin'izany. Tsiahivina hatrany, fa tsy fiangonana, ary tsy manao politika ny AFK, fa Vovonana iray hitondra anjara biriky hanarenana ny firenena. Fifandraisana: 034 17 460 53.

**Aris**

Akany Avoko Ambohidratrimo'

# Nahazo fanampiana avy amina Malagasy monina any ivelany



*Teny amin'ny Akany Avoko ny sabotsy teo.*

Nahazo fanampiana avy amina Malagasy monina any ivelany ny sabotsy teo ny Akany Avoko eny Ambohidratrimo, tonga nanolotra izany teny antoerana Ramatoa Sahondra Rafara sy ny mpiara-miasa aminy eto antoerana, mpandray kosa ireo ankizy mpianatra, sy mpanabe, notarihan'ny taleny Ramatoa Razafiarisoa Ivelo Hanta. Vary, fitaovam-pianarana ho an'ny mpianatra, akanjo isan-karazany, sakafo maivana na gouter, ho an'ireo ankizy miisa 200 mahery beazina ao amin' ity Akany ity, no natolotra tamin'izany, ny ampahan'ny fanampiana voalohany natolotra ho an'ireo ankizivavy tezaina ao Ambohidratrimo, fa ny ampahany faharoa kosa nomena ireo ankizilahy beazina eny Bevalala Antananarivo Atsimondrano. Ny fitsarana no mametraka ireo ankizy tezaina ao amin'ity akany ity, ankizy tratra ny herisetra samy hafa, na tandindonin-doza noho ny antony samy hafa teny anivon'ny fiaraha-monina izy ireo, no raisin'ny Akany Avoko, izay miankina amin'ny FFPM : Fiombonan'ny Fiangonana Protestanta eto Madagasikara. Ilain' ny akany tokoa ny tolo-tanana toy izao hoy ny tale satria tsy mbola mahavelontena izy ireo. Zavatra efa fanaony kosa ny fanomezana toy izao isaky ny fandalovany eto an-tanindrazana hoy ny mpanome : Ramatoa Sahondra Rafara.

**Isambilo**

Hira fanevan'ny Lalaon'ny Nosy 2023

# Nasiana fanovana noho ny tsikera



*Clip vaovaon'ny Lalaon'ny Nosy 2023.*

Noho ny tsikera navaivay nisy tetsy sy teroa dia nasiana fanovana ny ny « Clip » vaovaon'ny hira fanevan'ny Lalaon'ny Nosy 2023 : «Fandresena anaty firaisan-kina sy fahasamihafana », ka nohatsaraina ny sary ary nampiana ihany koa ireo mpanakanto miangaly azy. Nampidirina ao anatiny ry Agrad Ofisialy, Simonda Valera, Gelah Top, Rebecca rbk, Samoëla - Pejy Ofisialy, Jaojoby "le roi du Salegy", Jerry Marcoss, Mr Sayda, Vilon'Androy Ofisialy, Madmax , Melky , Ceasar , Tence Mena , Zoky Vonjy. Navoaka tamin'ny sabotsy 22 jolay 2023 izany fanovana natao izany.

**Rainilita**

Tranombarotra Baolai

# Manana vahaolana amin'ny delestazy

Rehefa « Grandes Vacances » toy izao dia ny milina mandeha amin'ny herinaratra tsara kalitao, no tena mahasarika ny besinimaro. Ny eto amintsika dia ao amin' ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano sy Bazar - be Toamasina no ahitana izany. Mitohy hatrany ilay fihenambidy goavambe ao amin' izy ireo amin' ireo Smart Tv sy Télé Led, misy manomboka 32 hatramin' ny 85 pouces ary ny laser tv 100 pouces (misy antoka 1 taona ). Ankoatran' izay dia tsy tambo isaina ny entana vaovao hita ao, izay mifanaraka amin' ny fahefa-mividy sy filan'ny daholobe. Ao ny synthétiseur, Laser Tv 120" (misy antoka 1 taona ), congélateur (mitazona hatsiaka 135 ora aorinan' ny delestazy) , panneaux solaires mono sy polychristallins : izay ilaina tokoa amin' izao fotoana izao, machine à laver transparent, mini radio baffle bluetooth solaire, climatiseur, table de mixage, subwoofer, four à gaz sy elektrika, … « Izahay no « Représentant officiel » ny marika fantadaza manerantany avy any Japon « Toshiba », ahitana manomboka 32 hatramin' ny 75 pouces » hoy ny tompon' andraikitra. Ny fanazavana fanampiny , dia ho azo ao amin' ny « site web » sy pejy fb: baolai ary ao amin'ny 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia hianoka fotoam - pialantsasatra miavaka ny tokantrano malagasy miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».

**Aly**



*Entana samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Fanadinam-panjakana

# Nisy fifamadihana ny laza adina tamin'ny bacc teknika

Nisy tsy nilamina ny fitsarana ny bacc teknika. Niaranifarana tamin'ny bakalorea ankapobeny ny herinandro teo koa ity bacc teknika ity. Tokony ho nanomboka omaly maraina araka ny daty efa voatondro ny fitsarana izany bacc teknika izany, saingy nahemotra tamin'ny ora farany noho ny fahitana fa nisy fifamadihana ny laza adina hoan'ny « spécialité ». Araka ny marimaritra niraisan'ny tomponandraikitra sy ireo mpitsara bacc teknika noho izany dia hiankina amin'ny fandanjalanjan'ny mpitsara ny naoty omena ireo mpianatra. Teny amin'ny foibem-panadinana LTC sy LMA no nahitana ity fifamadihana laza adina ity.

**Niaina**

Judo Malagasy

# Handray ny African championship Cadet/Junior

Hampiantrano ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika amin'ny taranja judo ho an'ny sokajy « Cadets » sy « Juniors », na ny «African Championship Cadet and Junior » i Madagasikara, amin'ny alakamisy 27 ka hatramin'ny alahady 30 jolay 2023, etsy amin'ny lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina. Efa vonona tanteraka ireo solontenantsika hiatrika an'izany, hoy ny tompon'andraikitra ao amin'ny FMJ, ka anisan'ny handray anjara amin'izany ilay kalaza Malagasy Laura Rasoanaivo. Fandaharan-dalao amin'izany : -27 jolay 2023 : fifaninanana olon-tokana zandriny lahy sy vavy, -28 jolay 2023 : fifaninanana isan-tarika zandriny lahy sy vavy, -29 jolay 2023 : fifaninanana « cadets » lehilahy sy vehivavy tsirairay, -30 jolay 2023 : fifaninanana isan-tarika « cadets » lehilahy sy vehivavy.

**Rainilita**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**22/07/2023 hatramin'ny 29/07/2023**

- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1456-07-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FANONDRANANA BIBIDIA

# Nanolotra teknolojia vaovao ALOE hiadiana amin'izany i Etazonia

Nanolotra teknolojia vaovao hiadiana amin'ny fanondranana bibidia i Etazonia. Ireo fitaovana vaovao ireo dia hampiasain'ny mpitandro filaminana miisa 120 amin'ny ady amin'ny fanondranana bibidia an-tsokosoko.


Hanampy an'i Madagasikara amin'ny ady amin'ny kolikoly, fanondranana bibidia ary famotsiam-bola ny "application" vaovao hampiasaina amin'ny finday sy solosaina, izay tohanan'ny vahoaka amerikana amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID).

Niara-niasa tamin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy, ny Ministeran'ny Fitsarana, ary ny Birao Mahaleotena miady amin'ny Kolikoly (Bianco) ny tetikasan'ny USAID antsoina hoe: "Countering Corruption and Wildlife Trafficking" (CCWT), izay vatsian'i Etazonia vola, ka nanamboatra ny "application" Access to Environmental Laws (ALOE), izay manamora ny fahafahan'ny mpitandro filaminana sy ny mpitsara mikaroka ireo andinin-dalàna tokony hampiasaina amin'ny alalan'ny finday na solosaina.

Nandritra ny lanonana fanolorana an'ilay "application" ALOE ny 21 jolay teto Antananarivo, dia nankasitraka ny asan'ny mpamorona tamin'ny famoronana ny ALOE ny Tale Jeneralin'ny USAID/Madagasikara, Anne Williams, ary nidera izany fampiasana teknolojia vaovao izany hanatsarana ny rafi-pitsarana. Hahazo tombontsoa avy hatrany ireo mpitandro filaminana maherin'ny 120 rehefa miatrika fanondranana biby an-tsokosoko sy heloka bevava amin'ny tontolo iainana amin'ny asany andavanandro.

"Ireto teknolojia vaovao ireto dia mitondra antsika amin'ny dingana manakaikikaiky kokoa ny fampitsaharana ny kolikoly sy ny fanondranana biby antsokosoko eto Madagasikara", hoy Ramatoa Williams nandritra ny lahateny nataony. "Ny fahalalana dia hery, ary rehefa manana fitaovana ara-dalàna ilaina amin'ny fampiharana ny lalàna isika, ka afaka mamantatra sy mitatitra ny heloka bevava ara-tontolo iainana amin'ny fotoana hitrangan'ny heloka, dia hahatonga ny mpanao heloka bevava hisaintsaina tsara alohan'ny hanaovany zavatra."

Ny "application" ALOE dia manamora ny fikarohana angon-




*Fitaovana hampiasaina amin'ny ady amin'ny fanondranana bibidia an-tsokosoko.*

kevitra momba ireo lalàna mifandraika amin'ny heloka bevava anankiray. Afaka manamarina ny maha ara-dalàna ny toe-javatra mitranga ireo mpitandro filaminana eny ifotony, ka hampiroborobo ny fampiharana mahomby sy hentitra ny lalàna mifehy ny tontolo iainana eto Madagasikara.

Ny tetikasa CCWT dia tanterahan'ny World Wildlife Fund (WWF) ary tohanan'ny ireo fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana toy ny ny TRAFFIC International, Transparency International - Madagascar, ary ny Alliance Voahary Gasy.


Toy ny mpirahalahy mianala dia manampy ny vahoakan'i Madagasikara i Etazonia, mba hiarovana ny zavamananaina tsy manam-paharoa sy ny harena voajanahary sarobidy eto amin'ny firenena, amin'ny alalan'ny famatsiam-bola maherin'ny 72 tapitrisa dolara nanomboka tamin'ny taona 2014.

**Aly**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 439**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0438)

***Mitsivalana***
- Mivavaka
- Alik(a) – Sol
- Nenifara
- Avana
- Velona
- Farihy (miv)
- Nay (miv)

***Mitsangana***
- Manampy
- Vely (miv)
- Vinavin(a)
- Henika (miv)
- Faly
- Asa – Ora
- Korana
- Ala – Afo

## TENY MIFANAPAKA N° 439




**Mitsivalana**

**1.** Manano sarotra **2.** Maneho kajy fanampiana **3.** Mpanoritra – Atsangana **4.** Zava-maniry – Mpanondro manolotra **5.** Bibilava – Ilainy (miv) **6.** Milaza zavatra tokana – Matanjaka **7.** Fampitàna teny **8.** Ny voalohany sy ny farany – Iray monja **9.** Toetra ratsy – Sahala (miv) **10.** Ahy sy azy (miv) – Vola aloa

**Mitsangana**

**A.** Mamakafaka, mandalina **B.** Tsy tsaroana – Kaontinanta **D.** Mamarana ny teniny – Tsirin-teny Mpifanao – Renintsoratra tsy mitovy **E.** Deraina ambony **F.** Maneho fahamboniana – Miaraka amin'ny etsy **G.** Fanontaniana – Saka (miv) **H.** Fotoana mangatsiaka **I.** Fanendrena – Androany **J.** Mampisafidy – Ila – Kanto (miv) **K.** Tsy betsaka – Solfa

### Valiny Teny mifanaraka 0438

**Mitsivalana**

**1.** Maminavina **2.** Ody (miv) - Ala - In **3.** Diksionera **4.** Anao - Atoa **5.** Do - Lolo - Vy **6.** Sosotra **7.** Saina - Re **8.** Inri (miv) - Ianao **9.** Lafo (miv) - Iva **10.** Alainay - YY

**Mitsangana**

**A** Midadasika **B.** Adino - Ar **D.** Moka - Sinoa **E.** Solonify **F.** Nay - Osa - An **G.** Aloalo - Ila **H.** Vantotra **I.** Lo - Reny **J.** Nirava - Avy **K.** Ana - Voay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

JP

**Ny fihaonan'ireo Diaspora Malagasy monina any Frantsa tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana, ny sabotsy teo, tao amin'ny Le Voilier 91 Essonne.**

















